# Injet sy ny Cua
# Misy mitady minia mampiady 2

## IRD neken'ny Hcc 3
**Tsy nisy izany Miaraka amin'i Tsiranana, na Miaraka amin-dRavalomanana...**


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Alakamisy 4 avrily 2019 Laharana 894 Vidiny : 400 Ar


## Filoha Marc Ravalomanana 3
# Miavaka ny kandidà depiote TIM



## Bodo, kandidà TIM Boriboritany faha-3 2
# Tena akaikin' ny vahoaka




**Daka kely**
Lasa rano ve ilay vary mora ry Boaikely a ?


## Ambohitromby Ankazobe 7
**Manjaka indray ny halatr' omby sy vaky fasana**

## Jeunes Sports Events (JSE) 6
# Nanolotra amboara lehibe ho an'ny ben'ny tanànan'ny CUA



## Ny Valosoa sy Fakafaka 2
**Ny Senegaly namono ny gasy no andohalihan-dRajoelina**

## Kandida TIM, Henri 2
**Vonona hampandroso an'i Manjakandriana**


## FILAZANA
*Ilazana Rtoa RAZAFIMANDIMBY Marie Noelle , CIN N°101 212 117 216 du 06/06/1990 à Tana I.*
*Sy*
*Mr Jean Marc GEOFFRAY*
*Mba hiantso maika ireto laharana ireto :*
*- 032 43 048 66*
*- 034 84 481 60*
*- 033 46 232 19*
*Momba ny raharaha mahakasika anao.*
*Iangaviana izay rehetra afaka mifandray aminy mba hampita ity filazana ity.*

BODO, KANDIDÀ TIM BORIBORITANY FAHA-3

# Kandidà artista tena akaiky ny vahoaka

Anisan'ny kandidà depiote hirotsaka ho fidiana ao amin' ny Boriboritany faha-3, avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), i Bodoarisoa Razafindrazaka, na ny mpanakanto Bodo. Mitondra ny heviny manoloana ny fifidianana ho avy izy:
Zava-dehibe io fifidianana solombavambahoaka ho avy amin'ny 27 mey ho avy izao io hoy i Bodo satria zon'ny tsirairay no mifidy ary fandraisana andraikitra amin'ny fampandrosoana ny faritra misy azy sy ny firenena ny fandraisana anjara amin'ny fifidianana. Koa manentana i Bodo mba havitrika ny mpifidy rehetra ho tonga hanefa ny adidiny amin'io fifidianana io, izany dia miainga aloha amin'ny fanaraha-maso ny anarana ao anaty lisi-pifidianana, fijerena ihany koa ny karapifidianana. Mbola amin' ny 15 mey rahateo vao mifarana ny fahafahana mijery sy manara-maso izay lisi-pifidianana izay.



*Bodo, kandidà miaraka amin'ny vahoaka hatrany.*

**Artisa miditra amin' ny sehatra politika**

Amin'ny maha-mpanakanto azy dia olona mifanerasera amin'ny vahoaka any anatin'ny fiaraha-monina i Bodo, na an-kafaliana izany, na an-karatsiana, tany ihany koa no niainga ny aingam-panahiny rehetra namoronany ny ankamaroan'ny hirany, izany hoe: mihira ho an'ny vahoaka izy, mahafantatra ny maharary ny vahoaka, tena akaiky ny vahoaka. Manomboka izao i Bodo dia miha-lalindalina kokoa ny fandraisany andraikitra eo amin' ny fiaraha-monina, raha efa nanao izany foana izy hatramin'izay. Momba izay indrindra, efa misy ny Manifesto novolavolain'ny filoha Marc Ravalomanana nandritra ny fifidianana filoham-pirenena farany teo iny ary mbola hotohizana ny fanatanterahana izany ho fanasoavana ny mpiaramonina.

**Omena hasina hatrany ny kolontsaina**

Ny lafiny kolontsaina manokana dia mbola hotohizana ny asa nataony, fony izy tompon'andraikitra, tale, teo amin'ny fampiroboroboana ny sehatra artistika tamin'ny taona 2002 ka hatramin'ny taona 2008. Fanatanterahana ny sata mifehy ny artista. Ny politika koltoraly eto Madagasikara ary fanomezandanja ny kolontsaina amin'ny fampitomboana ny tetibola natokana ho amin'izany, mba hamerenana sy hanomezandanja hatrany ny soa toavina Malagasy.

***Helisoa***

Alarobia Ambatomanga

# Manana olona ny TIM hoy Ravalo

« Lasa izao fa tsa mimpody koa » , nivoltra io nandritry ny fifampiarahabana noho ny taona vaovao teo amin'ireo mpikatroka Tim tao amin' ny distrikan'i Manjakandriana. Omaly dia fotoambe tao Alarobia Ambatomanga nanaovana fifampiarahabana sady nanolorana ihany koa ny kandida Randriamanga William Henri , natolotry ny antoko Tiako i Madagasikara laharana faharoa anaty bileta tokana. Tonga tany an-toerana ny filoha mpanorina ny antoko, Marc Ravalomanana notronin'ireo mpikambana sy antoko pôlitika ao anatin'ny distrikan'i Manjakandriana. Manana olona isika hoy ny filoha ary vonona hanarina ny lesoka eo anivon'ny distrika. Olona vonona hitondra avo ny lentan'i Manjakandriana amin'ny lafiny samihafa no ilaina ary vonona hampakatra avo telo heny ny distrika amin'ny sehatra samihafa. Efa sahy sedra ary efa filohan'ny Dis- Tim Manjakandriana ity kandida ity, ka tsy atoro voanjo hadiana intsony. Vonona ihany koa ny tenany hitondra ny anjara biriky amin'ny fitondrana anjara ho an'ny mponina amin'ny sehatra samihafa raha ny nambarany. Kandida efa fanta-bahoaka ary efa nitety faritra samihafa niaraka tamin'ireo mpikambana samihafa ity kandida ity ary mahafantatra tsara ny mahazo ny vahoaka sy ny olana mianjady aminy. Efa voatety avokoa mantsy ireo distrika 25 mandrafitra ny distrikan'i Manjakandriana ary resy lahatra ny vahoaka fa hafa ihany ny Tiako i Madagasikara amin'ny lafiny samihafa satria sady voafehin'ny fitsipika anaty, no mivelatra amin'ny sehatra samihafa ihany koa. Hanomboka hiverina hitety faritra indray ity kandida ity sy ireo mpiray lisitra ary ireo mpikambana samihafa manomboka anio ary hanazava amin'ny vahoaka ny andraikitra sy ny miandry ny solombavambahoaka, ny kandida depiote laharana faha-2 natolotry ny antoko Tiako i Madagasikara distrikan'i Manjakandriana.



*Nahazo tso-drano Randriamanga William Henri omaly.*

***Rajo***

Injet sy ny Cua

# Misy mitady minia mampiady

Mitohy hatrany ny fanosoram-potaka ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ataon'ny sasany, sy ny fampiadiana azy amin'ny orinasa tsy miankina ary dia voizina indray an-gazety fa esorina avokoa ny plaky na takelaby: dokam-barotra an'ny orin' asa tsy miankina toa ny INJET. Ny marina dia misy ny lalàna velona mifehy ireny dokam-barotra ireny eo amin'ny kaominina sy ny tompon' ny toerana ametrahana ireny takelaby fanaovana dokam-barotra ireny amin'ireo mpandraharaha . Fangatahan'ny tompon'ny toerana sy fifanarahana manokana amin'ny roa tonta no tonga teny anivon'ny fiadidian'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra ary ny Kaominina no manome alalana. Ny manatanteraka ny fangatahan' ny tompon'ny toerana hanakisaka ilay dokambarotra no andraikitry ny Kaominina ary tsy misy mihitsy resaka politika ambadika araka ny namoahan'ny gazety sasany azy. Mba hampahazava tsara ny sain'ny mpanara-baovao, rehefa nisy ny fifampiresahan' ny tompon'ny teorana sy ilay mpandraharaha dia nilamina tanteraka izany. Efa nanakisaka ny takelaby dokam-barotra azy ny INJET, noho izany tsy manao mizana tsindrin' ila na amin'iza na amin' iza izany ny CUA. Tsara marihana ihany koa fa na iza na iza manao dokam-barotra amin'ny Takelaby eto Antananarivo Renivohitra dia tsy mifidy orinasa na mpandraharaha ny kaominina fa ny lalàna hatrany no ampiharino, tsy misy tombo sy hala, raha misy fangatahan'olona mangataka ny hamindrana ireny takelaby fanaovana dokam-barotra ireny.

***Rajaonarimpanontsana***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Ny Senegaly namono ny gasy no andohalihan-dRajoelina

Asa na inona loatra no mahazo antsika Malagasy ity fa dia ireo mpanjanaka toa an'i La Frantsa sy ny Senegaly namono ny Gasy indray no handolihan'ny filoham-pirenena Andry Rajoelina. Tsy sanatria manana lolom-po amin'ireo firenena ireo no hitenenana izany fa ny tantara kosa tsy fanadino. Nandritra ny fotoana nampamaivay ny tolon'ny 1947 ange ka naripak'izy ireo toy ny valala ny Mpitolona Tia Tanindrazana MDRM sy ny maro hafa e! Betsaka ny Malagasy namoy ny ainy ary ireo Ray aman-dreny akanga sisa nanamborana dia mahatsiaro izany fahoriana nataon'ny Senegaly nahazo baiko avy tamin'ny Frantsay izany. Efa niala ny alahady 30 martsa teo ny filoham-pirenentsika ary efa tonga any Dakar hanatrika ny lanonana Roa sosona atao any Senegal : ny voalohany dia ny fankalazana ny fitsingerenan'ny fetim-pirenena Senegalais, anio faha- 4 ny volana aprily; ny faharoa kosa dia ny fianianan'ny filoha Macky Sall ny talata 2 aprily teo, izay voafidy fanindroany indray hitondra ny firenen'i Senegal. Ny lasa tsy fanadino , hoy ny fahendrena Malagasy izay ary ny tantara dia mitoetra ka tsy tokony hatao tsinontsinona izay tolona nataon'ny Malagasy izay. Raha ny tantara tokoa mantsy dia tsy nitsitsitsitsy antsika Malagasy izany Senagaly izany rehefa nanatanteraka baiko ary dia sahala amin'ny biby mihitsy ny fiheverana antsika tamin'ireny fotoana ireny. Ankehitriny anefa toa matimaty foana ireo mpitolona Malagasy raha mba niaro ny taniny izay nobodoin'ireo mpanjanaka. Tsy hoe fankahalana ihany koa no hambara eto fa mampahatsiahy ny zava-nanjo ny Malagasy nanao ny ainy tsy ho zavatra nandritra ny fanjanahantany. Tokony mba ho jerena manokana ihany izay firenena hiarahana fa tsy izay hita rehetra izao dia andehanana avokoa na angatahana kanefa efa hita izao fa nampahory ny mpiray tanindrazana Malagasy. Ireo Senegaly ireo koa dia mahalala tsara ny baiko nampanaovina azy teto amintsika fa tsy hoe ny lasa dia aoka homban'ny lasa sao isika diso hevitra. Ny hiverenany hanjakazaka an-kolaka indray aza no ao an-tsain'izy ireny ary efa hita taratra izany eny anivon'ny fiarahamonina eny.

***Rajaonarimpanontsana***

Ireo rafitra TIM ao Atsimondrano

# Manohana ny kandidà depiote tarihan'i Alain Ratsimbazafy

Manoloana ny fifidianana depiote ho avy, hatao eto amintsika ny alatsinainy 27 mey ho avy izao. Ny fianakaviambe Dis-Tim, ny Com-Tim, ny Foko-Tim, ny Jeune Tim na ny Tanora TIM Atsimondrano dia milaza fa vonona hatramin'ny farany hanaraka ny fitsipi-pifehezan'ny antoko TIM (Tiako i Madagasika ). Noho izany, tsy an-draraka antany ny fikelezana aina izay nataon'ireo Ray amandreny namorona ny Antoko TIM.K25, indrindra ny filoha Marc Ravalomanana izy ireo. Araka ireo antony ireo, vonona izy ireo hanao izay hanandratana hatrany ny hasin'ny antoko Tiako i Madagasikara ary hanohy ny asa rehetra ampanaovina. Manamafy koa ny fianakaviamben'ny antoko TIM Atsimondrano fa manohana ny kandidà depiote atolotr'ity antoko ity, nahazo tsodrano tamin'ny Filoha Marc Ravalomanana dia ny lisitra tarihan'ny kandidà depiote Alain Ratsimbazafy.

***Ny Valosoa***



## Ny Valosoa sy hadihady

# Fitondrana Rajoelina: seho ivelany no betsaka

Mitohy ny fiainana ary samy miatrika ny azy araka izay azony atao ny olona tsirairay satria aleo maty rahampitso, hono, toy izay maty androany ary raha maty aho matesa rahavana fa raha maty rahavana, matesa ny omby. Ohabolana malagasy izay niainga avy tamin'ny fandinihana ny fihetsiky ny olona eo amin'ny fiarahamonina izay mitory fitiavantena diso tafahoatra. Tratran'io aretina io avokoa ny olona ao amin'ny sarangan'ny fiarahamonina sy ny any amin'ny isan'ambaratongam-pitantanana misy. Tsy azo lavina fa ireo toetsaina ireo no fototry ny tsy fadriampahalemana, ny fandrobana sy ny fanondranana antsokosoko tsy olona mpiray firenena ihany hatramin'ny harem-pirenena ary ny fanaparam-pahefana iainana amin' izao fotoana izao. Tsy mahagaga raha mirongatra ny asan-dahalo sy ny asan-jiolahy ary faratampony amin'izany ny fakana an-keriny sy fakana takalon'aina. Tsy misy afaka mandá fa efa manao ny ainy tsy ho zavatra ny mpitandro filaminana amin'ny fisamborana ny olon-dratsy kanefa fantatra araka ny vaovao fa noho ny fitiavantena ihany, dia misy mpitsara sahy manafaka olona efa fatam-poko, fatam-pirenena fa atidoha mikotrika ireny fakana ankeriny ireny. Mety ho milalao sarimihetsika ihany koa ny minisitry ny fitsarana manoloana ity rahararaha ity satria olona akaiky ny mpitondra io voapanga io ka mety ho baiko avy any ambony no nahatonga izany famotsorana izany. Te-handositra ny fahantrana niainany teto ny gasy sasany ka nitady ny fomba ary nanaiky ny fanondranana azy antsokosoko tany ivelany kanefa tsy araka ny niheverana azy no niainana tany. Nararaotin'ny filohan'ny Repoblika ny toe-draharaha tany ka nandefasany fiaramanidina manokana naka ny ampahany voalohany. Tsy misy maharatsy izany fandraisana andraikitra izany kanefa ampahafirin'ny vahoaka Malagasy mijaly sy mitondra faisana eto amin'ny firenena, noho ny asan-dahalo, izay azo antoka fa tsy hahazo anjara amin'ny "vary mora" akory, ireo nandefasana fiaramanidina manokana ireo. Manaporofo izao fihetsika izao fa miezaka maka ny fon'ny Malagasy amin'ny alàlan'ny tabataba an-tserarera. Vanimpotoana fanomanana ny fifidianana solombavambahoaka eto Madagasikara izao. Hita taratra izany fitiavantena izany na dia any anivon'ny antoko politika any aza, ka misy mpikambana izay mieritreritra ny ho tsy maintsy kandidà tsy mijery mihitsy izay mety ho fitiavan'ny mpiray antoko aminy aloha ary manao ahoana ny fifandraisany amin'izay mety ho mpifidy azy ao amin'ny fiarahamonina, ka zary manao amboletra mba ho lasa kandidà. Toe-javatra efa fahita teto Madagasikara izany hatramin'izay namerenan'ny mpanjanaka ny fahaleovantena izay ka dia misy tarazo hataramin'izao, mba tsy ilazàna fa miha-ratsy aza amin'izao fotoana izao satria miteraka fifankahalàna sy fifampirafiana eo amin'ny mpinamana teo aloha. Mandadilady sy misolelaka amin'ny mpandresy ny tsy manana hazon-damosina sy tsy mahatoky Valera ka tadiavina avokoa ny hevitra sy ny tetika rehetra hahazoana manilika ny namana mba hanomezana azy toeram-pahefana hanindriana sy hametsena ny mpiarabelona. Tsy vitsy amin'ireo mahazo fahefana no manararaotra izany ka tsy menatra intsony ary miray tsikombakomba tsy amin'ny fandrobana sy fanondranana antsokosoko ny harem-pirenena fotsiny ihany fa hatramin'ny fandrobana sy fivarotana ny fanan'olontsotra, hatramin'ny tany sy tranom-panjakana mihitsy. Nanomboka tamin'ny tetezamita no tena nitranga izao fitiavantena diso tafahoatra loatra izao, hany ka tsy misy mandala ny "fahamarinana" ary tsy anisan'ny soatoavina malagasy intsony ny fikatsahana ny "rariny" sy ny "hitsiny" fa izay mahasoa ny tena no ambony indrindra.

***Andry Tsiavalona***

FILOHA MARC RAVALOMANANA

# Miavaka ny kandidà depiote TIM

Taorian'ny fampiofanana ireo kandidan'ny antoko Tiako i Madagasikara, TIM.K25, tao amin'ny faritanin'i Toamasina dia ny avy any amin'ny faritanin'i Toliara indray no niofana sy naka traikefa mialohan'ny fifidianana izay hatao ny 27 mey, tao amin'ny foiben-toeran'ny antoko TIM, tao Bel'Air Ampandrana omaly. Ny anton' ny fiofanana araka ny nambaran'ny filoha Marc Ravalomanana hatrany dia tsy ho depiote mpanangan-tanana ny TIM fa tena ho olomboafidy hanao izay hampandrosoana ny firenena. Tsy ny tombontsoan'ny tena manokana no atao zava-dehibe fa ny Malagasy aloha, izay efa trotraky




ny fahantrana ankehitriny. Fa nandritra ny resaka nifanaovan'ny filoha Marc Ravalomanana tamin'ny mpanao gazety nandritra ny fihaonany tamin'ireo ka-ndida depiote avy any Toliara ireo dia nabara ny mampiavaka ny kandida avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara izy. Miavaka ny TIM hoy izy satria mahazo fiofanana manokana mialohan'ny handraisany andraikitra maha-olomboafidy azy. Mahafantatra ny hevitry ny antoko politika sy fitsipika mifehy ny antoko politika izy ireo ( discipline de partie ), izany dia ho hita taratra amin'ny fomba fitondrantena. Hevitra iray no entin'ny depiote TIM, ka ezahana ny andefasana azy ireo any ivelany hifanerasera amin'ireo olomboafidy mba ho tena matihanina fa tsy miteniteny foana, na manao fihetsika mamoafady. Ireo depiote TIM dia sady mahay no mahavita no mahalala miaraka amin' ireo mpamatsy vola avy any ivelany, hahafahana mampandroso sy firenena hoy ny filoha Marc Ravalomanana.

***Helisoa***

Todisoa Andriamampandry

# Nanampy tamin'ny fanadiovana ny toerana hanaovana kianja vaovao

Nanampy tamin'ny fanadiovana toerana iray hanaovana kianja ao amin' ny Boriboritany faha-6 ny kandidà depiote loha-lisitra ao amin'ity boriboritany ity, Todisoa Andriamampandry. Tonga dia asa no nataony ny talata teo. Taorian'ny fangatahana nataon'ny solontenan'ireo tanora Zaivola ny faran'ny herinandro lasa teo tamin'ny kandidà depiote Todisoa, raikitra avy hatrany fa atao asa iarahana, no anadiovana ilay toerana hatao kianja vaovao filalaovam-baolina. Nitarika ny asa tamin'izany Zoky Todisoa, izay ihany koa ny fiantso azy eny an-toerana ankehitriny ary ankilany ireo tanora Zaivola notarihin'i Dauphin, Isaia , Njaka, miaraka amin' ireo ekipa marobe izay mbola nitombo isa, satria maika hilalao eo amin'ny kianja lehibe vaovao eo andrefan'ny Arts Malagasy, izay tsy ho ela dia ho vita. Ny tonga miaraka tokoa no fanombohana, fa ny miasa miara- ka no fahombiazana. Mi-asa daholo eto na ny borety, na ny angady, na ny compacteur, sy ny fitaovana maro hafa…



***Zoky Todisoa, manampy amin'ny fanamboarana kianja.***

***Ny Valosoa***

IRD neken'ny Hcc

# Tsy nisy izany Miaraka amin'i Tsiranana, na Miaraka amin-dRatsiraka, na Miaraka amin-dRavalomanana...

Nandritra ny fitondrana lanim-bahoaka nifandimby teto dia tsy nisy mihitsy antoko nampitondraina ny anaran'ny filoham-pirenena iray manontolo, ka entina ampiasaina ho amin'ny fifidianana solombavambahoaka, fa dia amin'ny anaran'ny antoko tarihany tsy misy ny anarany hatrany no nampiasaina . Nahagaga mantsy fa nankatoavin'ny Fitsaràna Avo momba ny Lalam-panorenana, na ny HCC, ny fampiasana ny IRD : na ny Isika miaraka amin'i Andry Rajoelina. Tamin'ny Repoblika voalohany dia ny PSD na ny Parti Social Democrate no nisy , tamin'ny nitondran'ny filoha Phillibert Tsiranana. Tsy nisy hoe: Isika Miaraka amin'I Tsiranana. Ny Repoblika Faharoa notarihan'ny filoha Didier Ratsiraka indray dia ny AREMA na Andry sy Rihana Enti-Manavotra an'i Madagasikara no nampiasaina. Tsy nisy ny hoe: Isika Miaraka amin-dRatsiraka. Teo amin'ny Repoblika fahatelo tapany voalohany notarihan'ny filoha Albert Zafy dia ny UNDD: na ny Union National pour le Développement de la Democratie no antoko nampiasainy. Rehefa tonga teo amin'ny fitondrana Repoblika Fahatelo tapany faharoa ny filoha Marc Ravalomanana dia ny TIM, na ny Tiako i Madagasikara no nampiasainy. Tsy nisy koa ny hoe, Isika Miaraka amin'i Dada, na Isika Miaraka amin-dRavalomanana. Ny Repoblika fahaefatra tapany voalohany nitondran'ny filoha Hery Rajaonarimampianina dia ny HVM . Ity Repoblika fahaefatra tapany faharoa entin'ny filoha Rajoelina, mpanongampanjakana ity ihany no misy anaran'ny mpitondra iray manontolo dia ilay antsoina hoe : Isika Miaraka amin'i Andry Rajoelina IRD, sy ny Mapar: na Miaraka amin'ny Prezida Andry Rajoelina, dia neken'ny HCC izany. Ilay IRD aza tsy misy D ilay hoe: Isika Rehetra Miaraka amin'i Andry Rajoelina, dia hoy ny be vazivazy hoe: IRD= Isika Rehetra Domelina, … Marina fa eo amin'ny pitsompitson'ny lalàna dia mety tsy voasoratra mazava izany kanefa kosa eo amin'ny saina tsy miangatra dia sarotra ihany ny tsy hinoana fa tsy hisy fitongilanana sy tsy fitoviana eo amin'ny samy mpilatsaka hofidiana solombavambahoaka . Ny antony tsy nampiasain'ireo filoham-pirenena teo aloha ireo ny anarany feno dia ny fahafantarany fa Filohan'ny Malagasy iray manontolo izay filoham-pirenena mitondra fa tsy filohan'antoko, na filohana vondron'antoko intsony. Ny lalàm-panorenana aza dia mandrara ny filoham-pirenena tsy hitarika antoko, na vondron'antoko politika, mba tsy hisian'ny mizana tsindrin'ila, koa mahagaga ihany ity fanapahan-kevitry ny HCC ity ankehitriny. Toa marina ihany ilay teny ataon'ny gazety mpiseho isan'andro iray hoe: Miala fa Vendrana ny Filohan'ny HCC sy izy ireo mihitsy.

***Rajaonarimpanontsana***

## TONONKALO

# HOPITALY MANARA-PENITRA ?

Hay ve ny manara-penitra , raha faritana dia hoe:
Tsy misy tsy andoavam-bola , sady tena vola be !
Ka raha tsy manana an`izany dia tsy maintsy hijalijaly,
Fa tsy hisy fitsaboana andrasana amin`ny hopitaly !

Hay ve ny manara-penitra dia midika tsotr`izao
Hoe ny olona tsy manam-bola dia tsy afaka mankao ?
Aleo mijanona any an-trano raha tsy misy ny eo an-tanana
Fa raha ny manara-penitra, tsy an`ny ory sy tsy manana !

Hay ve ny manara-penitra dia anaram-panesoana,
Fa ho an`ireo mahantra dia toeram-pamonoana ?
Tena toera-manan-daza sady ambony kalitao
Kanefa ireo tsy manam-bola , tsy hivoaka velona ao ?

... Izany ilay manara-penitra , izany ilay hoe idedahana,
Nefa toerana ahitana sarintsarim-panavahana !
Ry mpitondra o ! `ndeha ovay ilay manara-penitrao
Ka aoka ireo mahantra koa mba tena hahazo toerana ao !

***DADAN`i ZINA (01-04-19)***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

Ny fanamarihana ny fah 60 taonan'ny fandraharahana ny fonja teny amin'ny Ekar Faravohitra.





Ny fiofanana momba ny tetik'asa Tatom tao amin'ny PK 0 Soarano.





## Sakafo Ny Valosoa



**Ro mazava henomby sy anana épinard** indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Raha tsy misy hena dia azo hatao ovy koa ny miaraka aminy. Dia mihinàna finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ireo aretina azo sitranina amin'ny jus papaya

Ny soa azo avy amin'ny jus papaye indray no Mahasoa eto aminny gazetinao androany. Ny jus papaye dia manasitrana aretina toy ny:

-aretin'ny aty: misotro jus de papaye asiana citron kely , 2 vera isan'andro , anatin'ny 1 volana.

-aretin'ny voa: misotro 3 vera isan'andro anatin'ny 3 volana , afaka asiana citron kely koa, fa raha tsy misy dia mety avokoa.

-manala kankana : misotro 2 vera isan'andro tsy ferana fa atao metetika , mety ho an'ny olona rehetra, na ny ankizy aza dia afaka misotro azy ity, manatsara ny taova ao anaty koa.

-aretin'ny foa: manatsara sy mampitony fo ny jus de papaye , mahasalama ny fo izy io. Misotro jus de papaye betsaka raha toa ka hitanao tsy milamina, na tsy mitony ny fonao.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'Anjozorobe faritra Analamanga

Ny tanànan'Anjozorobe faritra Analamanga indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra ity tanàna ity. 90 km any avaratr'Antananarivo no misy azy, renivohitry ny distrikan'Anjozorobe. Mandalo manakaiky ny tanàna ny reniranon'i Mananara. Roa no nahatonga ny anarana Anjozorobe dia avy amin'ny zoro (angle) masina; sy avy amin'ny zozoro: be zozoro. Ny zozoro izay fieren'ny mpitolona Menalamba nanohitra ny Frantsay tamin'izany fotoana. Mbola be ala Anjozorobe, vary no anisan'ny vokatra any.



## NY TENY FIAINANA

*Vohay ny vavahady, mba hidiran'ny firenena marina, izay mitana ny fahamarinana.*
***Isaia 26: 2***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Milaza ny marina Pety Rakotoniaina dia nogadraina 12 volana



**LaChasse-info.com :** nomelohin'ny fitsarana higadra an-tranomaizina mandritra ny 12 volana i Pety Rakotoniaina, noho ny fikasana hanangana fanjakana kely tany Fianarantsoa. Afak'omaly no nivoaka ny didim-pitsarana.

Raymond Rakotomalala : rehefa milaza ny marina dia manelingelina dia ari-ana sy gadraina any am-ponja.

**Wand Silva :** nahasahy niteny sy namoaka ny zava- misy dia nitadiavana hirika sao mampianatra ny vahoaka malagasy voan'ny bé manaiky.

**Rija Davida Ravelomanantsoa :** izy io hono a ! fa tsy hay na marina na tsia , nanana mpimasy tena nahay nilalao fanafody ka izay ataony rehetra dia mety sy azony daholo , indrisy maty vao haingana hono ilay mpisikidiny dia tsy nandaitra intsony ny ody maheriny.

Jocelyn Jean Andrianantenaina : mety tsy marina izany satria nasianao hoe : hono.

**Marcelline Razafindrazaza :** ny fikasana hanangana fanjakana mampigadra, fa ny tonga dia manangana fanjakana tsy mampigadra? Tonga dia natsangan'ny HCC ny fitondrana amin'izao, na tsapa aza fa nisy ny hala-bato be vata.

**Andriam Rafama :** raha vao miditra i Pety. Ho avy eo koa izay Voninahitsy...

**Laurette Lalarisoa :** ka réf te ho vedette fona de niefarany TS malaza ntsony ! Leo NY olona ! Avoaka de miseho mlay lan ! Ngamb iz zao oe réf gadraina fona. De MBA lasa Nelson Mandela amin farany !

**Clebert Georgiot Avotra Rainiliarivony II :** anisan'ny sahy milaza ny marina ny toa an'i Pety dia manelingelina dia gadraina.

**Yves Venlatin :** kay ve de gaga aho, mampalahelo ny mpanao commentaire, f'angaha io jiolahy mpanao kidnapping sa mpamaky trano. Aza de faly manaratsy, malahelo ny faritra niaviany izy satria faralahiny ny aty Atsimo tompoko ooo. Milaza ny tena zava-misy sy marina izy dia manelingelina.

**Rahtnna Stéphanie :** rah atao an'zany d lay nahazo sazy tany ivelany no nigadra mandrapahafatiny , ny azy fikasana fa ny hafa tena nataony mints.

**Soa Fanambinana :** tsy kely loatra ve zany sazy zany raha hoe hanangana fanjakana tokoa e, hita hoe tena didim-pitsarana politika.

**Riri Raharinandrasana :** ilay vadiny mampalahelo... Mpanao politika manelingelina ny mpitondra ny toa azy dia hitadiavana dosie aza ataon'ny mpitondra aminy.

**Lucas Sygaio :** ty razoky ty ataoko hoe adala tsy adala nefa manaiky ataony olona fitaovana politique fotsiny nefa refa avieo minana any ambany atsinanana foana. Izao dia tsy mba misy akory mihetsika hoe: havoahy Pety, nefa nisy ny olona niaro izany tsanga-keviny izany. Ny tena marina, nisy nanohintohina ny mpitondra ny zavatra nataony dia nadobony.

**Zanaka Malagasy :** ny fananganana fanjakana anaty fanjakana tokoa dia mampigadra, fa mety tsy tena izay no tena fotony raha zohiana lalina, fa anisan'ny mpanao politika sahy miteny i Pety dia nampanginin'ny fitondrana.

**Benja Randrianary :** nankaiza marina Voninahitsy, tsy henoheno intsony, sa manana dosie dia mangina sao hidoboka eo koa.

**Ylan Shypiwazaki Yuii :** sazy mihàtra sa sazy mihantona, samy hafa ireo na dia sazy ihany ary an! Fa amiko, nampanginin'ny mpitondra izy satria sahy miteny ka hanohintohina azy.

**Bien Aimé Daniel Razakandraina :** de iza indray no hitolona hamoaka azy?? Toa tsy mba nisy sahy nijoro akory ireo nanana tsanga-kevitra nitovy taminy.

**Zaka Ranaivoson :** anisan'ny mpanao politika sahy miteny dia nampanginina io.

**Roger Andriamahazosoa:** misy vitsivitsy izany izao ny mpanao politika migadra mandritra izaao fitondrana izao.

**Germain Rakotobe:** nampanginin'ny mpitondra i Pety, tsy zakan'ny mpitondra ny filazany ny marina.

**Karen Annick:** anisan'ny mpanao politika sahy izy dia izao nampanginin'ny mpitondra izao, amin'ny alalan'ny prison.

FANDRAHARAHANA NY FONJA

## Natomboka tamin'ny fomba ofisialy ny fankalazana ny faha-60 taona

Nosantarina tamin'ny fotoam-bavaka lehibe, izay notontosaina tetsy amin'ny EKAR Faravohitra, ny fankalazana ny faha -60 taonan'ny asa fandraharahana ny fonja eto Madagasikara: 1959-2019, izay eo ambany fiahian'ny Ministeran'ny fitsarana. Olo-manakaja maro no tonga niatrika ny fotoana, anisan'izany ny mpitahiry ny fitomboka-sem-panjakana Minisitry ny fitsarana, na ny teo aloha izany na koa ny ministra am-perinasa ankehitriny , teo koa ny ben'ny tanànan'Antananarivo Lalao Ravalomanana, ireo eo anivon'ny Tafika Malagasy sy ny Polisy Nasionaly, ny mpiara-miombonantoka vahiny ary ireo fianakavi- amben'ny mpiambina ny fonja tompon'ny fankalazana, fantatra amin'ny hoe "Pénitencier". Ny andalan-tsoratra masina tao amin'ny Matio : 25, 31-46 no noventesina nandritra izao fankalazana izao, milaza fa " izay ataonareo amin' ireo madinika ireo dia izaho no anaovanareo izany", tsy famonjana akory ny fonja fa fanitsiana". Nandritra izao fotoam-panokafana ny faha- 60 taonan'ny fandraharahana ny fonja izao ihany koa no nanamafisan'ny Minisitra Randrianasolo Jean de Dieu, fa hafangainina ny fitsarana ireo voafonja, hasiam-panatsarana ihany koa ny toerana famonjana, nasiany fitenenana ny mahakasika ireo mpanao kidnapping sy ny grevy ataon'ny mpiasan'ny domaine, na ny sampandraharahan'ny fananantany. Hitohy anio alakamisy izao ny hetsika , hisy fampirantiana sy hazakazaka ary fampisehoana an-tsary ny asan'ireo mpiandry fonja. Ny 16 jolay ho avy izao no ivon'ny fankalazana ary ny faha 06 ny volana Desambra no ho faranana any Antsiranana, amin'ny alalan'ny fitokanana ny birao vaovaon'ny mpandraharahan'ny fonja any an-toerana ny fanamarihana.



*Ny fotoam-pivavahana teny Faravohitra.*

***Helisoa***

Boriboritany faha- 5 (CUA)

## Nanadio ny tsena teny Ambohidahy- Ankadindramamy

Mitohy hatrany ny fanatanterahana ny vina 100 andro napetraky ny Ben' ny tanànan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), Ramatoa Lalao RAVALOMANANA, ho an'ireo foibem-pitondrana sy boriboritany ao amin'ny fiadidiana ny tanàna. Ho an'ny Boriboritany faha-5, niara-nientana nanadio ny tsena teny Ambohidahy –Ankadindramamy ny talata teo ny ekipa teknika, ireo agents d'assainisement ary ireo mpivarotra eny an-toerana. Nandritra iza- ny dia nisy ny famafana ny arabe mamakivaky ny tsena, fisokirana ireo tatatra ary narahina fandraharahana fanafody mamono bibikely. Tsy mijanona hatreo ny asa fanadiovana fa mbola ho to- hizana hatrany hitandroana ny fahadiovan'ny tanàna.



*Ny fanadiovana tsena teny Ambohidahy Ankadindramamy.*

***Serge***

Tetikasa TaToM iarahana amin'ny JICA

## Am-pamaramparanana ny atrikasa momba ny tetikasa mialohan'ny fanatanterahana azy

Ho fanohizana ny fivoriana momban'ny tetik' asa TaToM: AnTAnanarivo TOamasina Madagasikara, dia nosokafana tamin'ny fomba ofisialy, ny talata teo ny fivoriana fahaefatra sady farany momba io tetik' asa TaTom io. Ity farany dia iarahana amin'ny ministeran'ny fanajariana ny tany sy ny toeram-ponenana ary ny asa vaventy (MAHTP), miara- miasa amin'ny JICA (Japan International Cooperation Agency, na sampan-draharaha japone momba ny fampandrosoana iraisam-pirenena. Nandray anjara mavitrika nandritra ny atrik'asa ho fanatanterahana ny tetikasa ihany koa ny solontena avy amin'ny kaomininan' Antananarivo Renivohitra (CUA). Ny tanjona dia ny famerenana sy fijerena ifotony ny drafitsary amin'ny fandaminana ny tanànan'Antananarivo Renivohitra sy Toamasina, fanamboarana ny antsoina hoe drafitra fanajariana na "schema Directeur", ho fampandrosoana sy fandaminana ny lafiny toe-karena eto an-drenivohitra sy any amin'ny renivohitry ny faritra Atsinanana. Tafiditra ao anatin'izao tetik'asa izao ny fanamboarana ny "autoroute" sy "by pass", izay hampitohy ny tanànan'Antananarivo amin'ny tanànan'i Toamasina. Eritreretina hovitaina hatramin'ny 2033 ny fanatanterahana ity tetik'asa ity. Hahazo tombony amin'izao tetik'asa izao ny tanànan'i Toamasina fa indrindra ny Renivohitr'i Madagasikara, araka ny fanazavana nandritra ny atrikasa izay nataon'ny tale misahana ny fitaterana ao amin'ny CUA, Iandy Raveloson.



*Ireo mpandray anjara tamin'ny atrikasa momba ny tetikasa TATOM.*

***Aly***

Jeunes Sports Events (JSE)

## Nanolotra amboara lehibe ho an'ny ben'ny tanànan'ny CUA



Vokatry ny fanampian'ny Ben'ny Tanànan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), Lalao Ravalomanana, ny lalao arapanatanjahantena Foot à 11, nokarakarain'ny JSE, na ny Jeunes Sports Events ny faha 25 -31 martsa lasa teo, izay notanterahana tetsy amin' ny kianjan'i Mahamasina. Tonga tao amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely ny solontenan'izy ireo naneho fankasitrahana tamin'ny alalan'ny Coupe na amboara lehibe , natolotra ny ben'ny tanàna . Ny filoha mpanorina ny JSE Ramatoakely Andriamisa Vania sy ny lefiny Andriamatoa Rakotondravony Tsitohaina ary Andriamatoa Andriamihanta, izay samy tanora avokoa no nitondra izany fankasitrahana izany satria tsy tontosa io lalao ara-panatanjahantena Foot à 11 io raha tsy teo ny fanomezan-tanan'ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana. Nahitana 15 ireo ekipa nandray anjara nandritra ny fifaninanana izay marihana fa andiany voalohany ary ankoatra izay dia mbola manana tanjona hanampy ny sahirana sy ny zaza kamboty koa ny JSE, fikambanana vao niforona ny faha 11 ny volana Jona 2018 lasa teo .

***Rajaonarimpanontsana***

Fitondrana Rajoelina

## Mampitondra fahoriana manara-penitra ny vahoaka

Angadin'ny fitondrana ankehitriny raha ny fampisehoana ary noporofoiny izany tamin'ireo fivoahana any ivelany izay matetetitetika ihany izay tao ho ao, ankoatra ny fivoahana manaraka. Mitondra inona hoan'ny vahoaka Malagasy anefa ireny rehetra ireny. Nisy fiantraikany tany anaty vilanin'ny vahoaka va re ? Nampidina ny vidim-piainana tokoa sa mbola tafiditra ao anatin'ilay paik'ady politika ilazana fa tena hanao zavatra ity fitondrana ity. Malaza amin'ny fampisehoana « maquettes » koa ny ao ambony ao , izany hoe , rehefa haneho hevitra dia kisarisary manintona aloha no havoaka dia amin'izay fotoana izay no hiesona eo izay mitazana rehetra . Torak'izay koa ity fivoahana any ivelany matetika ity. Raha ny hoentimanana amin'ireny fitsidihana ireny aloha dia aoka hazava fa volambahoaka avokoa no laniana amin'ireny ary tsy vola kely fa amina -miliara ariary maro mihitsy. Izay tokoa angamba ilay fitsitsiana ataon'ny fitondram-panjakana, toa ny fandaniana indray no be. Etsy ankilany, esorina sy ahena ireo teknisianina mpiasam-panjakana ambony mba tsy handaniana vola be, hono, ary afindra any amin'ny fitondrana foibe indray ilay bolongam-bola holaniana amin'izay mahamety azy. Ilay vahoaka anefa efa mitofezaky ny hanohanana sy miharitra fahoriana isan'andro, fahoriana manara-penitra no azo ilazana azy. Nolazaina ihany koa fa hanondrana vary i Madagasikara afaka 5 taona fa tsy mpanafatra intsony, dia mandritra izay fotoana izay izany isika vao afaka ny hihinan-kanina ara-dalàna fa izao aloha dia mihareta eo. Vary mora tsy haharitra izao no misy . Mbola tsy mazava koa ny vola nividianana azy. Ny vidin'ny solika moa dia io mbola hiakatra io mandra-pahatongan'ny vidiny tena izy ary ny fitondrana no handray an-tanana azy amin'ilay rafitra ara-bidy vaovao . Dikan'izay dia tsy maintsy hiakatra indray ny vidim-piainana ry vahoaka Malagasy namana. Fahoriana manara-penitra hataon'ny fitondrana Rajoelina izy io fa aza taitra na mikorapaka.

***Rajaonarimpanontsana***

Fanjakan'i Norvège

## Nanampy amin'ny fanatanterahana ny fifidianana depiote

Nanampy amin'ny fanatanterahana ny fifidianana depiote hatao eto amintsika ny 27 mey ho avy izao ny fanjakana Norveziana. Omaly no nanoloran'izy ireo an'izany teny amin'ny foibentoeran'ny CENI Ivandry, vola mitentina 350000 dolara amerikana no omen'i Norvège ho fanatevenana ny tahiry Sacem, na ny Soutien au Cycle Electoral à Madagascar. Hatramin'izao arak'izany, nanome hatramin'ny 1,27 tapitrisa dolara Amerikana i Norvège ho fanohanana ireo fifidianana eto amintsika : efa nanampy izy tamin'ny fifidianana filoham-pirenena, ary izao mbola mitondra ny anjara birikiny izao indray amin'ny fifidianana depiote. Hatreto dia faha-3 i Norvège amin'ny fanampiana ny fanatanterahana ny fifidianana eto amintsika, ao aorian'ny PNUD na ny Fandaharanasan'ny Firenena Mikambana momba ny Fampandrosoana, sy ny vondrona Eoropena, ary ao aoriany faha-4 i Etazonia amin'ny alalan'ny USAID. Niatrika ny lanonana teny amin'ny CENI omaly, ny filoha lefitry ny CENI, Thierry Rakotonarivo, ny solontena maharitry ny Firenena Mikambana eto amintsika, ny masoivohon'i Norvège eto Madagasikara.

***Isambilo***

### SARIITATRA: Vary mora, mora lany




Dimy taona tsy niteraka

## Navotan'ny rano manokana i Meltine

Avotra aho hoy i Meltine, avy any Antsirabe ary tonga teto Antananarivo taorian'ny mariazin'izy roa. Mpiasa amina birao ny vadiny, fa miasa tena kosa i Meltine. Vao 20 taona monja izy no nanambady an'i Santatra, saingy tsy nety bevohoka mihitsy. Efa nitety mpampivelona, efa nanatona dokotera sy mpitsabo hafa fa tsy nety nitoe-jaza mihitsy. Gazety no nahitany ny nomeraon'i Jessica mpitsabo eny Mandrosoa Ivato: 033 87 395 41, ka io no nantsoiny ary nanavotra azy roa. Izao mantsy no nambaran'ity mpitsabo ity. Tratry ny lafika ianao hoy izy satria nisy olona efa saika haka vady anao no tsy nekenao nefa tsy fantatrao fa efa niaraka ianareo roa ka izay no antony. Nampisotroin'ity mpitsabo ity rano manokana ilay ramatoa, notroriny tamin'ny menaka manokana ihany koa ny vatany ary nasainy niverina afaka telo andro. Tao anatin'ny tapa-bolana monja no nanohy ny fihaonana tamin'ity mpitsabo ity ilay ramatoa dia nilaza fa nitoe-jaza izy. Tsy mbola nijanona anefa izy fa ilay mpitsabo mihitsy no niteny hoe aza mandalo aty intsony fa efa salama ianao ary tsy misy ahiana ny zanakao. Salama tsara ilay vehivavy izao ary miandry fahaterahana sisa satria toky no nomen'ilay mpitsabo hoe ho teraka soa amantsara ianao ary tsy hiverina aminao intsony ny nahazo anao teo aloha fa efa nahazo fiarovana mahery vaika ianao sy ny vadinao ihany koa. Santionany io mahazo anareo roa io hoy ity mpitsabo ity fa teto amiko aza dia efa nisy vehivavy tsy nahazo zaza foana kosa no nokarakaraiko dia nahazo zaza soa amantsara taty aoriana. Teo ihany koa hoy izy ny mitovitovy tamin'ny nahazo anao, ny azy aza dia folo taona be izao no tsy nety nahazo zaza mihitsy , saingy bevohoka soa amantsara izy ary teraka ihany koa. Samy salama avokoa na ny reniny, na ny zanany, fa manàna finoana fotsiny.

*Namana*

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao izao manaraka izao, ampitaina ihany koa amin'ny fitondram-panjakana. Hevitro manokana ity. Tsara raha mividy fiaramanidina manokana hampiasainy ny filoham-pirenena mba hialana @ity fanofana lava ity.

Manana fiaramanidina manokana ampiasainy avokoa ny filoham-pirenena rehetra. Ny filoha Marc Ravalomanana dia nividy ho an'ny firenena, hampiasain'ny mpitondra tamin'ny nitondrany, saingy indrisy, namidin'ny fitondrana tetezamita izany ary azo lazaina fa tsy hita ny vola vidiny. Izao izy ireo vao manofa jet etsy sy eroa. Izay efa lasa tany dia efa lasa fa ny zavamisy kosa tsy maintsy hatrehana. Hataovy mazava tsara fotsiny ny resaka ! ohatra : hampidirina ao anaty Lfr ny fividianana azy. Mankasitraka indrindra. Tsarovy tsara fa "siecle de vitesse" izao misy antsika izao ka raha hiandry vols reguliers lava eo dia ho hitan'ny havany eo…

***Rivonala Razafison***
***Mpanao gazety***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**30/03/19 hatramin'ny 06/04/19**

- **HANITRA** (Ankorahotra) 020 22 312 81/ 020 22 350 80
- **AMBODIVONA** (Ambodivona) 034 07 228 98
- **MAMY** (67HA Nord Est) 020 22 318 21/ 020 24 627 72
- **NOUVELLE** (Rue Indira Gandhi Tsaralalana) 020 22 370 03/ 034 22 370 03
- **SOANDRY** (Behoririka près de Luxor) 020 22 228 37/033 11 650 36 / 034 98 379 12

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 894-04-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FITSABOANA ANY IVELANY

# Misantatra ny fiaraha-miasa any Inde ny Csr Analamahitsy

Isan'ny manahirana ny Malagasy ny fitsaboana tena any ivelany any, rehefa misy ny tena ilana izany. Ankehitriny dia misokatra amin'ny fiarahamiasa any ivelany ankehitriny ny toeram-pitsaboana tsy miankina, ka ny Firenena Indianina izay mitazona ny laharana faharoa eo amin'ny fitsaboana hari-fomba sady amin'ny sarany mirary maneran-tany. Ity hopitaly ity dia tamin'ny taona 2000 no nitsangana, ary firenena miisa 72 no miara-miasa aminy. Amin'ny maha hopitaly lehibe an'ny NARAYANA HEALTH azy dia manao ny fandidiana rehetra izany hoe ny fo sy ny aty ary mitsabo ny famindrana taova toy ny voa ihany koa. Efa misy ny foibe izay mpiara-miombon'antoka amin'ny NARAYANA HEALTH ao Analamahitsy Antananarivo, antsoina hoe Centre de Santé RAKOTONANDRASANA. Ny antom-pijoroan'ity sampana ity dia ny fandraisana an-tanana ny fikarakarana ny taratasin'ny marary ary fanamorana ny fandefasana ny marary any ivelany. Ho an'i Vakinankaratra manokana dia tombony lehibe ny fampahafantarana ny fanamoran' ny fitsaboana ho an'ny vahoaka indrindra ireo hitsabotena any amin'ny hopitaly lehibe Inde. Hita hatrany fa vita eto Madagasikara ny fandidiana ny voa sy ny fo fa ampahany ihany, fa any ivelany no mahavita ny fanoloana azy tanteraka noho izany dia lafo ny saram-pitsaboana satria tsy ampy ny fitaovana eto Madagasikara. Tsy hijanona ho an'ny Faritra Analamanga irery ihany ny ivon-toeram-pitsaboana ary hiparitaka manerana ny Faritra eto Madagasikara. Araka ny tombana nataon'ireo mpitsabo ireo izao dia miisa 200 ny marary nisitraka ny fitsaboana tany Inde.

***Lezama***

Jono

# Misokatra ny jono mahaloky any Ambanja

Nisokatra tamin'ny fara-n'ny volana martsa teo ny taom-panjonoana hazandranomasina mahaloky na Pescavale any amin'ny distrikan'Ambanja. Tapitra ny 31 mar-tsa teo tokoa ny fotoam- pikatonan'ny jonoan'ity karazana hazandranomasina mahaloky ity any Ambanja sy any amin' ny faritra Diana. Nananosarotra ny fanajana izany fikatonan'ny jono izany nandritra ny 3 volana izay, tany amin'ny distrikan'Ambanja, satria nisy ireo mbola nanjono iha-ny tsy nanaja io didy nivoaka io. Nambaran'ny tany an-toerana anefa fa noho ny ezaky ny fokonolona sy ny mpanjono tany amin'iny faritra iny dia voahaja 90% ihany izany fikatonan'ny jono nandritra ny 3 volana izany, nanampy azy ireo tamin'izany ny fikambanana mpiaro ny tontolo iainana blue Ventures. Nosokafana tamin'io an-dro io ihany koa ny taom- panjonoana: jono mahaloky 2019 tany amin'ny Kaominina Antafiambotry disitrikan'Ambanja. Tany an-toerana ny lefitry ny lehiben'ny distrikan'Ambanja ramatoa Patine Yvette Soajoma nanokatra izany tamin'ny fomba ofisialy.

***Aly***

Ambohitromby Ankazobe

# Manjaka indray ny halatr'omby sy vaky fasana

Ny alin'ny zoma lasa teo dia omby miisa efatra be izao no lasan'ny mpangalatra omby tao Andakana, kaominina Ambohitromby , distrikan' Ankazobe. Rehefa natao ny fanarahan-dia dia tratra tao Soaniadanana ny omby roa tamin'izy ireo. Talohan'izay anefa, ny alakamisy talohan'io dia omby iray koa no nisy nangalatra tao Ambohitromby saingy tratra tao Ambohidambinana ihany. Tsy ireo ihany fa fasana roa ihany koa no nisy namaky ny faran'ny herinandro teo. Ny iray dia tao amin'ny sampanana Mangabe amin'iny làlam-pirenena faha-4 iny, ny iray kosa dia tao Ampasatelo làlana mihazo ny tanànan'i Mangabe mihazo ny kaominina Marondry ihany. Manjaka indray ny tsy fandriampahalemana ankehitriny amin'iny faritra iny ka mila fandraisan' andraikitry ny fitondram-panjakana satria lasa mandry tsy lavoloha indray ny mponina ankehitriny. Raha ilay halatr'omby manokana dia mety misy fiara mandray io omby io rehefa tonga eny amin'ny arabe hoy ny mponina satria nandritry ny fanarahan-dia nataon'ny fokonolona dia nanjavona teo amin'ny « goudron » ny dian'omby. Tsy misy intsony mantsy ireo mpitandro filaminana manao sakana, ka izay no mety mampirongatra indray ny asa ratsin'ireo jiolahy any amin'iny faritra iny.


***Rajo***

NY VALOSOA VAOVAO
Doham-barotra
Tel. 034 79 076 00

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 277**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0276)

***Mitsivalana***
- Sakanana
- Ody – AT
- Aina – Fia
- Toro
- Anamamy
- Non(o) – Toby (Miv)
- Maso (Miv) – Ota (Miv)

***Mitsangana***
- Soarano
- Ady – Nos(y)
- Kintana
- Moa (Miv)
- No – Ray
- Fomba
- Nay – Toy (Miv)
- Atao – To

## TENY MIFANARAKA **N° 277**



**Mitsivalana**

**1.** Tadidinao **2.** Foto-tsakafo – Reraka **3.** Tosika – Mpanoritra (Miv) **4.** Mamarana ny diany – Ambany toerana **5.** Najanony – Metaly **6.** Tsirin-teny – Atono (BR) **7.** Sokajy ; laharana – Tango **8.** Hazo maro – Dahalo **9.** Itafiana **10.** Hazandrano

**Mitsangana**

**A.** Faramandimby **B.** Fitaovan'ny mpanjaitra (Miv) **D.** Antsiben'Andriamanitra – Nandeha **E.** Vola fanomezana – Ao amin'ny vala **F.** Lera – Foto-tenin'ny manolo **G.** Diky (BL) – Fanitarana – Tany kely (Miv) **H.** Miantso – Mari-drefy **I.** Mpanondro – Tsy misy volo **J.** Bengy – Tena **K.** Fanodinana (Miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0276

**Mitsivalana**

1 Sehatra - B.V **2.** Ekena - Lay **3.** Tavy - Fomba **4.** Hao (Miv) - In **5.** Katra (Miv) - Alao (Miv) **6.** Kary - Kanto (Miv) **7.** Ava - Misava **8.** Toly **9.** Bara **10.** Atao - Vaaly

**Mitsangana**

**A.** Setroka - Sa **B.** Eka - Ravo **D.** Hevitra - Ba **E.** Any - (T)ay - Tao **F.** Ta - (B)aik(y) - Mar(a) **G.** Fa - Valio (Miv) **H.** Alahatsy **I.** Ma (Miv) - Ana - Ha **J.** Bibilava **K.** Anaka - Ry

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny Ben'ny tananan'Antananarivo Lalao Ravalomanana nandray ny amboara avy any amin'ny JSE.





Ny Filoha Ravalomanana nanolotra ny kandida TIM ao amin'ny distrikan'ny Toliara.











**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
**Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana**
------o0o------

**COMMUNE URBAINE D'ANTANANARIVO**
**MAIRE**
**SECRETARIAT GENERAL**
**DIRECTION DES TRANSPORT ET MOBILITE URBAINE**

**N° : 172 CUA/M/SG/DTMU.19**

## AVIS D'APPEL A MANIFESTATION D'INTERETS

### Pour la gestion de l'aire de parking dans l'enceinte du marche de Besarety

1. Etant Capitale de Madagascar, la Commune Urbaine d'Antananarivo s'efforce constamment de maintenir sa réputation en tant que « Ville propre et attractive ». En instaurant une participation inclusive de sa population, elle encourage davantage cette dernière à contribuer au développement de la Ville d'une part, et à améliorer les ressources financières de la municipalité d'autre part.

2. Afin de maintenir l'ordre et la salubrité dans les aires de parking dans la ville d'Antananarivo, La Commune Urbaine d'Antananarivo invite tous les intéressés à présenter leurs candidatures sur la gestion de l'aire de parking dans l'enceinte du marché de Besarety pour une durée de deux (2) ans.

   Les termes de référence des documents de consultation du projet peuvent être consultés gratuitement à l'adresse ci-dessous. Les candidats intéressés doivent fournir toutes les informations justifiant qu'ils sont en mesure de gérer l'aire de parking, à savoir :

   - une lettre de manifestation d'intérêt
   - tous les documents exigés dans les termes de référence

3. Les dossiers de manifestation d'intérêts doivent être déposés à l'adresse ci-dessous au plus tard le **06 Mai 2019** et portant la mention « **MANIFESTATION D'INTERET POUR LA GESTION DE PARKING DANS L'ENCEINTE DU MARCHE DE BESARETY** »

Adresse :

Commune Urbaine d'Antananarivo
Hôtel de Ville Analakely
GUICHET UNIQUE
Prote 36 – 1er étage

Fait à Antananarivo, le 03 AVR 2019